ANTSO AVO MAIKA

HO FITAKIANA ONITRA MOMBA NY VOKA-DRATSIN'NY ASA NANOMANANA NY FITRANDRAHAN'NY ORINASA SHERRITT AMBATOVY TEO AMIN'NY OLOMBELONA SY NY TONTOLO IAINANA

ARY HO FAMPITOMBOANA NY FANDRAISAN'ANDRAIKITRY NY ORINASA

Ny orinasa kanadiana Sherritt International, izay mpiara-miombon'asa ankehitriny amin'ny orinasa japone Sumitomo sy ny orinasa Kores avy any Korea Atsimo ary ny orinasa kanadiana Lavalin, dia nanasonia fifanekena, momba ny fitrandrahana kobalta sy nikela ao Ambatovy, tamin'ny governemanta malagasy am-perin'asa tamin'ny taona 2006.

Vita tamin'ny taona 2011 ny fanamboarana ny fotodrafitr'asa samihafa : toeram-pitrandrahana ankalamanjana ao Ambatovy akaikin'i Moramanga, fantsona 220 kilaometatra hitondra ny akora mifangaro amin'ny rano miendrika «vaingany malemy » hidina any amin'ny ozinina fanodinana ao Tanandava, 10 km avy eo Toamasina – fanatsoniana ny akora mampiasa rano sy fitaovana misy sofra, izay entona misy poizina ny sasany amin'izy ireo – alohan'ny hanondranana ny kobalta sy nikela ary ny zezika (sulfate d'ammonium) ao amin'ny seranan-tsambo. Ny faika kosa dia hotehirizina mandrakizay tsy misy fetr'andro ao akaikin'ny ozinina fanodinana. (1) sy (2)

Ny tambiny entin'ny Tetikasa Ambatovy dia matetika natao nanakoako tamin'ny filazam-baovao ; ny voka-dratsy tamin'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana ary ny fiainan'ny mponina nateraky ny dingana fanorenana kosa tsy dia fantatry ny besinimaro raha tsy nisy ny andrana amin'ny famokarana izay niteraka fihanahan'ny dioksidan'ny sofra inefatra, ka nahafaty olon-dehibe roa sy zaza roa ary nankarary olona 50 teo ho eo tao anelanelan'ny 26 febroary sy ny 13 marsa 2012. Nilaza ny mpiandraikitra ny orinasa ny 8 marsa fa « ara-dalàna » (normal) iny fihanahan'ny entona iny ka tokony hafindra toerana ny olona 800 monina eo amin'ny manodidina ny ozinina. Ny filan-kevitry ny Ministra avy eo dia nanambara fa lavitry ny zavatra nampanantenaina ny fikarakaran'ny orinasa ireo tra-pahavoazana ary mety ho voaloto ny renirano Ranomainty. [jereo (3) sy ireo rakitra miaraka aminy eo ambanin'ny lahatsoratra].

Araka ny vaovao farany dia tokony ho nanao bemidina tany Tanandava ny alarobia teo ny komity iraisan'ny Ministera samihafa hanao fitiliana mialoha ny hanomezana alalana hanombohana ny famokarana. (4)

-Inona avy ireo zava-misy isanisany notilin'ity komity iraisan'ny ministera samihafa ity ? Inona avy ny mason-tsivana sy antoka ahafahan'ny manam-pahefana foibe hanome alalana ny fanombohan'ny famokarana ? **Ny olompirenena rehetra, indrindra fa ireo mponina ao Tanandava, ao Toamasina, ao Ambatovy sy ny manodidina, izay feno ahiahy momba ny taniny, ny voliny, ny rano sotroiny, ny fahasalamany ary ny ho aviny, dia manana zo ahalala ny asa efa vita sy mbola mizotra, ny fepetra azo tsapain-tànana noraisin'ny orinasa Sherritt ary ny dina nataony mikasika ny dingana mialoha ny famokarana, ho an'ny 27 taona hisian'ny famokarana ary ny dingana aorian'ny fiafaran'ny famokarana**.

-**Alohan'ny hanohizana ny tetikasa Ambatovy sy ny fanomezana fahazoan-dalana hamokatra, dia tsy maintsy hajaina ny zon'ny tantsaha sy ny olona niharan'ny fiatraikan'ny asa mandritry ny dingana teo aloha – teo amin'ny tany, ny rano, ny trondro, ny ala, .. – tsy maintsy efaina amin'ny fomba mahomby ny onitra sy fiantohana ny lany taorian'ny voina, tsy maintsy tanterahana amin'ny antsakany sy andavany ny toky nomena an'ireo mponina tamin'ny fotoana namindrana fonenana azy satria nilain'ny Tetikasa. Tsy maintsy hatsahatra tanteraka amin'izay ny famindram-ponenana ny mponina.**

-Ankoatr'izay, dia milaza ny manam-pahefana ao amin'ny governemanta fa mety ho lasa maloto i Ranomainty. **Araka ny Amboaram-pepetra neken'ny Tetikasa ampiharina ho fanajana ny tontolo iainana (Cahier de charges environnementales) anefa dia misy fiantraikany ratsy tokony narahi-maso nandritry ny dingana fanorenana koa ny renirano Andranofisotro, ny ony Ivondro sy Mangoro, ny renirano sy honahona Torotorofotsy, ary ny fahasimban'ny ranomasina**.[(5) - PGEDS : drafi-pitantanana ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana ara-tsosialy]

-Tsy fanomezana sosokevitra hamindrana ny mponina hanalavitra ny toeram-piasan'i Tanandava no **tokony ataon'ny orinasa Sherritt taorian'ny fihanahan'ny dioksidan'ny sofra, fa fanaovana ho laharam-pamehana ny fikarohana fomba mahatoky hatrany eo amin'ny fomba entina manodina ny akora, ny fampiasana ny fitaovana vaovao indrindra ary ny fialàna amin'izay rehetra mety ahatonga ny asany hitera-doza amin'ny fahasalaman'ny mponina**.

Dieny izao ary **alohan'ny hanomezana fahazoan-dalana hamokatra, dia tsy maintsy hanaovany fandinihina ara-siantifika sy ara-teknika lalina sy mahaleotena fa tsy moramorainy ny mety ho fahalotoan'ny tany sy ny rano ateraky ny fitehirizana mandrakizay tsy misy fetr'andro ny faikan'ny akora**.

-Mba hahafahan'ny firaisamonim-pirenena sy ny mponina hanatanteraka ny fanaraha-maso ny hetsika hanarenana izay tsy nety sy hisorohana ny vokadratsin'ny tetikasa Ambatovy eo amin'ny tontolo iainana sy eo amin'ny olombelona, dia **tokony hampalalahana amin'ny daholobe ny rakitra fanampiny momba ny drafitry ny fitantanana ny tontolo iainana** (PGES) mahakasika ny ozinina fampiodinana ny Tetikasa Ambatovy ao Tanandava izay nosoniavin'ny tetikasa Ambatovy sy ny Ofisim-pirenena momba ny Tontolo Iainana (ONE) eto Madagasikara tamin'ny 17 novambra 2011 (6), **toy izany koa ireo drafitra manokana hafa voatanisa ao amin'ny PGEDS pejy 3** (5) **ary ny fitambaran'ny fandinihina ny fiantraikan'ny tetikasa Ambatovy eo amin'ny tontolo iainana** (7).

Ireo voina efa niseho, ireo fitarainan'ny fianakaviana niharan'ny voka-dratsy samihafa, ny ahiahin'ny mponina dia mitaky amin'ireo manana andraikitra rehetra :

- ny fanaraha-maso akaiky ny fanajana ny Amboaram-pepetra momba ny tontolo iainana, ny fahasalamana ary ny ara-sosialy,

- sy ny fikarohana fomba fanatsarana vaovao ny fepetra momba ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fahasalaman'ny mponina.

Collectif pour la défense des terres malgaches - TANY – 2 mai 2012
http://terresmalgaches.info, patrimoinemalgache@gmail.com
http://www.facebook.com/TANYterresmalgaches

(1) http://www.sherritt.com/getattachment/bbf5ac56-8bb2-4cd7-927c-2c3018dbf9eb/Sherritt-s-locations-in-Madagsacar
(2) http://www.sherritt.com/getattachment/7954b6d6-1098-4f0a-8ce9-dca23b74eaf6/Process-Plant-Addendum---French
(3) http://terresmalgaches.info/spip.php?article49
(4) http://www.aoraha.com/fitrandrahana-ho-avy-ny-bemidina-ao-ambatovy-toamasina/
(5) mentionnés dans le PGEDS pages 3 à 21 :
http://terresmalgaches.info/IMG/pdf/PGEDS_AMBATOVY_20061201.pdf

(6) http://www.pnae.mg/pnae11/index.php/Suivi-Environnemental/signature-du-plan-de-gestion-environnementale-specifique-de-lusine-de-traitement-du-projet-ambatov.html

(7) http://www.sherritt.com/getattachment/b93bf454-7a76-4001-a494-9352898c295b/Environmental-Assessment---English